REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

Akademia malagasy

Sokajy Haikanto sy Hailaza

Ny Taniko, ny Tantarako, ny Teniko : adidiko sy andraikitro ny fahafantarana sy fampahafantarana azy

Mby aiza ny Fanavaozana ny Fisainana sy ny Fifanabeazana.

Fanasana handray anjara amina Loabariandasy

Andro iraisam-pirenena ho an'ny Teny Ibeazana

21 Febroary 2014

Lalantsaina 2

Andinindininy momba ny hetsika 3

Fandaharam-potoana sy fifandaminana mandritra ny loabariandasy 4

Angona voambolana momba ny fanabeazana sy fifanabeazana ... 5

Ifandraisana

Sokajy Haikanto – Hailaza

sy ny

Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy

45 - 47, Araben'ny 26 Jona 1960

Tahala Rarihasina Analakely

: +261 20 22 559 97

+ 261 34 01 732 70

: tenymalagasy@gmail.com

Antony : **Fanasana handray anjara amina loabariandasy sy fanaingana fiaraha-miasa**

Tompoko,

Ny Akademia Malagasy dia manokana ny 21 Febroary 2014, Andro iraisam-pirenena momba ny Teny ibeazana, ho fotoana hoentina manokatra sehatra iray momba ny fanavaozana ny fisainana sy ny fifanabeazana.

Ho fanokafana izany sehatra momba ny fanavaozana ny fisainana sy ny fifanabeazana izany, dia hisy *loabariandasy* hokarakarainy amin'io 21 Febroary 2014 io. Ny lohahevitra hovoizina amin'izany dia ny hoe :

«N***y Taniko, ny Tantarako, ny Teniko :***

adidiko sy andraikitro ny fahafantarana sy fampahafantarana azy ».

Antenaina fa io loabariandasy io dia hahafahana mandalina bebe kokoa ny amin'ny fomba handresena lahatra fa ny fahafantarana ny Tany, ny Tantara, ny Teny dia antoky ny fandrosoan'ny firenena.

Mino izahay fa manao ho zava-dehibe ny fampandrosoana ny firenena ianao, no sady anisan'ny olona afaka mivoy fijery vaovao mahasoa ny fiarahamonina. Koa tsy misalasala izahay manasa anao handray anjara amin'ny loabariandasy izay hotanterahina ny

Zoma 21 Febroary 2014

Lapan'ny Akademia Malagasy eny Tsimbazaza

amin'ny 9 ora maraina hatamin'ny 12 ora sy sasany atoandro.

Hantenainay koa fa hizara ny traikefa efa anananao ianao amin'izany ary hirotsaka feno amin'ny fandavorariana izany fotoana izany.

Mirary soa indrindra.

Ny Filohan'ny Sokajy Haikanto sy Hailaza
Ratsimandrava Juliette

Lalantsaina

Ny Taniko, ny Tantarako, ny Teniko :

adidiko sy andraikitro ny fahafantarana sy fampahafantarana azy

Mby aiza ny Fanavaozana ny Fisainana sy ny Fifanabeazana.

Miaina ao anaty vanimpotoana sarotra sy mihasarotra hatrany isika, no hihasarotra, raha tsy hampitomboina ny fiheverana ny momba ny « fifanabeazana sy ny fandrantoana fahalalana », na eo amin'ny ankizy, na eo amin'ny tanora, na eo amin'ny olon-dehibe, na eo amina sehatra inona na eo amin'ny sehatra inona. Efa samy manao izay ho afany avy ny sokajin'asa maro samihafa, ary maro rahateo ny traikefa efa tokony havoitra. **Inoana fa mbola *misy zavatsoa eto Madagasikara,* raha raisina ny hevitra nodinihina tamin'ny *21 Febroary 2013*.** Koa **Fifanabeazana toa inona ary no andrandraina ankehitriny** ?

Mirimorimo ka mihamahazo vahana izay tsy izy ny haitahaka. Ahiana hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny haizavatra, ny hairaha, ny haifamoronana zava-mahasoa isan-karazany izany. **Manoloana izany, inona *anefa* no azo araroatina ho an'ny fifanabeazana?**

Vokatry ny fifaneraserana amina olona maro, izay manan-kolazaina amin'io lafiny fifanabeazana io sy efa manana voka-pikarohana na voka-pandinihana momba izany kanefa tsy ampy ny sehatra ivelarany, dia hosokafana ny làlana hitondran'ny olona ny fiheverany sy ny hifanakalozan-kevitra amin'ny tambazotra, ny haino aman-jery, ny habaka internet… Hiompana amina lafin-javatra maro izany hahafahana mifanabe ka mety hanokatra sy hamatsy ny vavahadin-tsaina eo amin'ny ray aman-dreny (miha-tanora tokoa ankehitriny), eo amin'ny mpanabe sy ny orindraharaha misahana fanabeazana, eo amin'ny *zoky* sy zandry ary raiamandreny eo amin'ny fiarahamonina, eny ambanivohitra sy ety an-tanandehibe, no afaka hitondra fanavaozana eo amin'ny fisainany ny fifanabeazana.

Ny tolokevitra voaray mandritra ny loabariandasy dia heverina ho fiandohana fifanakalozan-kevitra hitarina any amin'ny Faritra samihafa, izay hampivoitra ny mahaizy azy sy ny vahaolana manakaiky azy. Andrandraina ny fijoroana **tambazotra** mamondrona ny orindraharaha sy ny mpandraharaha, ny mpampiserasera mpivoy fahalalana sy torohay amin'ny Teny Malagasy ary ireo manana fahaizana manokana momba ny serasera ; ny andraikitra apetraka amin'izy ireo dia ny fanentanana ny rehetra na hatraiza na hatraiza, ary araraotina ny fahafehezana ankehitriny ny teknolojian'ny fifandraisan-davitra. Ny tanjona izany dia ny mba **hivoy fijery vaovao sy mahasoa ny fiarahamonina** izy ireo, izay efa katsahina rahateo eto amin'ny Akademia malagasy**.**

Andinindininy momba ny hetsika

Hetsika

Loabariandasy

21 Febroary 2014 – 9ora maraina hatramin'ny 12 ora sy sasany

eto amin'ny Akademia Malagasy, Tsimbazaza

Lohahevitra hovoizina

« Ny Taniko, ny Tantarako, ny Teniko : adidiko sy andraikitro ny fahafantarana sy fampahafantarana azy » : Fomba ahoana no handresena lahatra fa ny fahafantarana ny Tany, ny Tantara, ny Teny dia antoky ny fandrosoan'i Madagasikara ?

Tanjona ankapobeny

Fahafantarana sy fampahafantarana « ny Taniko, ny Tantarako, ny Teniko » ho antoky ny fandrosoan'i Madagasikara

Tanjona manokana

- Fivoizana fijery vaovao sy mahasoa ho an'ny fiarahamonina hoentina mifanabe
- Fampivoarana ny tontolon'ny « fifanabeazana » amin'ny alalan'ny hevitra mitondra fandrosoana ho an'ny firenena sady azo voizina eo amin'ny fiarahamonina fa tsy ho hevitra savoandanitra fotsiny
- Fampijoroana tambazotra mamondrona ny orindraharaha sy ny mpandraharaha ary ny mpampiserasera mpivoy fahalala sy torohay amin'ny Teny malagasy
- Fanaingana ny mpandray anjara hirotsaka an-tsehatra hiara-kiasa handalina sy hanaparitaka ny hevitra voaangona ary handresy lahatra ny mpiandraikitra isan-tsehatra amin'ny fanavaozana ny fisainana sy ny fifanabeazana

Mpandray anjara

- Mpikaroka, mpandinika ary izay rehetra mahatsiaro ho manana tolokevitra hampivoatra ny tontolon'ny fifanabeazana (hevitra mampandroso ny firenena)
- Andiana mpampiserasera manana fahaizana manokana eo amin'ny fanaovana famintinana sy famoahana amin'ny fomba mety sy mazava ny hevitry ny hafa
- Andiana mpampiserasera mahafehy ny fanomezana endrika ny hevitra fintina

Serasera ampiasaina

- Fampiasana ny teknôlôjia manaraka ny toetrandro ankehitriny
- Fanapariahana fanasana sy Fiaraha-miasa amin'ny haino aman-jery

Fandaharam-potoana

09 ora – 09 ora 15 : Kabary fiarahabana

9 ora 15 – 9 ora 45 : Velakevitra fanokafana

9 ora 45 – 10 ora : Fitsinjarana ho vaomiera

10 ora – 11 ora sy 30 :

Loabariandasy am-boamiera hamaliana fanontaniana vitsivitsy

- Ahoana no ilazana fa ny fahalalana momba ny taniko, ny tantarako ary ny teniko dia mampandroso?
- Inona no tokony hatao hahalalana tsara ny taniko, ny tantarako ary ny teniko?
- Inona no mampirehareha ny Malagasy ka hamelona indray ny hambom-pony ?
- Ahoana no hamaritana ny ho tohin'ny asa?

11 ora 30 – 12 ora 30 : Fanangonana ny soso-kevitra